



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANOAVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-15

-FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKI NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA  
MANOMBOKA NY TALATA 15 OKTOBRA 2019 KA HATRAMIN'NY  
ALATSINAINY 4 NOVAMBRA 2019,  
-FIFIDIANANA IZAY HO FILOHAN'NY VAOMIERAN'NY  
TOMBAN'EZAKA HO AN'NY POLITIKAM-PANJAKANA NA  
“EVALUATION DES POLITIQUES PUBLIQUES”

Fivoriana faha-2  
Natao ny  
Alakamisy 17 Oktobra 2019  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle  
- Ramatoa ANGELE Solange

**FOTOANA:** Alakamisy 17 Oktobra 2019, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** - Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 15 Oktobra 2019 ka hatramin'ny Alatsinainy 4 Novambra 2019.  
- Fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Tomban'ezaka ho an'ny Politikam-panjakana na "Evaluation des Politiques Publiques."

Nitohy ny Alakamisy 17 Oktobra 2019, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena, ka Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy avy hatrany ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa ANGELE Solange, Mpampakateny Jeneraly.

Taorian'izay, nisaoran-dRamatoa Filoha tamin'ny nanatontosany izany, Ramatoa Mpampakateny ary niangaviany ihany koa mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny «Conférence des Présidents» ny Alarobia 16 Oktobra 2019, tolak'andro; ka toy izao no fivakiny izany:

Nivory ny Alarobia faha-16 Oktobra 2019 nanomboka tamin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (jereo fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana. Natolony avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Biro Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia faha-16 Oktobra tamin'ny 10 ora, maraina.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimerampirenena izay nolaniara farany teo dia nametraka ny "Vaomiera faha-32" misahana ny "évaluation des politiques publiques".

Tokony hirosoana noho izany ny fifidianana izay ho Filohan'io Vaomiera io, indrindra koa hisy "séminaire" hataontsika mikasika izany "évaluation des politiques publiques" izany, ka tsara raha voafidy mialoha ny Filoha mpitarika izany Vaomiera izany.

Nampahatsiahya izy amin'ny tokony hamenoan'ny Solombavambahoka tsirairay ny fanambaram-panana (déclaration de patrimoine).

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nolian'ny "Conférence des Présidents" ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata faha-15 Oktobra ka hatramin'ny Alatsinainy faha-4 Novambra 2019 natolotry ny Birao Maharitra ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy faha-17 Oktobra 2019 amin'ny 10 ora, maraina, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

#### FICHE DE PRESENCE

#### CONFERENCE DES PRESIDENTS

**DATE:** 16 Octobre 2019

**HEURES:** 15H 30

#### MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N°d'ordre	NOMS ET PRENOM	FONCTION
1	<b>RAZANAMAHASOA</b> Christine Harijaona	<b>Présidente</b>
2	<b>RASOLONJATOVO</b> Honoré	<b>Vice-Président</b>
3	<b>MICHELLE BAVY</b> Angelica	<b>Vice-Président</b>
4	<b>HENRI</b> Jean Michel	<b>Premier Questeur</b>
5	<b>RABENIRINA</b> Maminaina	<b>Troisième Questeur</b>
6	<b>ANGELE</b> Solange	<b>Rapporteur Général</b>

#### PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOM ET PRENOMS	ENTITE
01	<b>Commission de la Défense Nationale</b>	RAMBOASALAMA Emilien (Vice-Président de la Commission)	TIM
02	<b>Commission des Finances et du Budget</b>	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavony	IRD
03	<b>Commission de l'Energie et de l'Eau</b>	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD

<b>04</b>	<b>Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises</b>	ANDRIAMBELOSOA Herinaina	IRD
<b>05</b>	<b>Commission Juridique</b>	IDEALSON	Indépendant
<b>06</b>	<b>Commission des Postes et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies</b>	MAMANGY Norbert	GPR
<b>07</b>	<b>Commission de l'Environnement de l'Ecologie et des Forêts</b>	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
<b>08</b>	<b>Commission de l'Elevage et de la Protection Animale</b>	RAYMOND	Indépendant
<b>09</b>	<b>Commission des Infrastructures et l'Equipement</b>	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM
<b>10</b>	<b>Commission de l'Education Nationale</b>	RANDRIANARIVELO Justin Abel	IRD
<b>11</b>	<b>Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle</b>	JEAN FRANCOIS Michel	TIM
<b>12</b>	<b>Commission de la Sécurité Publique</b>	NAKANY Charly Zafimagnely	IRD
<b>13</b>	<b>Commission du Commerce et de la Consommation</b>	ASSIMO Bruno	IRD
<b>14</b>	<b>Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche</b>	BAOFENO Micheline	Indépendant
<b>15</b>	<b>Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales</b>	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
<b>16</b>	<b>Commission de la Population et de la Protection Sociale</b>	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
<b>17</b>	<b>Commission de l'Artisanat et du Tourisme</b>	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	IRD	VELONTSARA Paul Bert
2	TIM	RANDRIANANTENAINA Olivier José
3	GRP	DARKHAOUI Siritis

Représentant du Gouvernement:

YAMICOLE Franckline

Chef SRI/Primature

**ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Mardi 15 Octobre 2019** au **Lundi 04 Novembre 2019**

**MARDI 15 OCTOBRE 2019**

**11H 00: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA 2<sup>ème</sup> SESSION ORDINAIRE 2019 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**MERCREDI 16 OCTOBRE 2019**

**10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent**

**15H 30: Conférence des Présidents- *Salle B.P***

(Les membres du Bureau Permanent, les Présidents des Commissions, les Présidents des Groupes Parlementaires et les Représentants du Gouvernement)

**JEUDI 17 OCTOBRE 2019**

**10H 00: SEANCE PLENIERE - *Salle des Séances***

-Adoption de l'ordre du jour  
-Election du Président de la Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques.

**VENDREDI 18 OCTOBRE 2019**

**10H 00: - Rencontre du Ministère de l'Environnement et du Développement Durable avec les membres du Bureau Permanent et les membres de la Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts. - *Salle B.P***

-Rencontre de l'Office National de Nutrition (ONN) avec les membres de la Commission de la Population et de la Protection Sociale. - *Salle des Séances*

**MARDI 22 OCTOBRE 2019****09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - *Salle B.P***

- Commission des Finances et du Budget
- Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière
- Commission Juridique
- Commission des Travaux Publics

(Saisie au fond)

-Projet de loi n°003/2019 du 14 août 2019 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA).

**15H 00: SEANCE PLENIERE - Salle des Séances**

-Projet de loi n°003/2019 du 14 août 2019 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 12 juin 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA).

**MARDI 22 OCTOBRE 2019 au JEUDI 24 OCTOBRE 2019**

**Atelier d'orientation et d'échanges sur les travaux parlementaires et le caucus des femmes Parlementaires (Antsiranana).**

**SEANCES PLENIERES - Salle des Séances****MERCREDI 23 OCTOBRE 2019**

**10H 00: Séance d'Information par la Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme (CNIDH).**

**JEUDI 24 OCTOBRE 2019**

**10H 00 et 15H 00: Séance d'Information sur la situation actuelle des enfants à Madagascar par l'UNICEF**

**MARDI 29 OCTOBRE et MERCREDI 30 OCTOBRE 2019**

**De 09H 00 à 17H 00: SEMINAIRE:** Evaluation des Politiques Publiques (Réseau Francophone de l'Evaluation).

**JEUDI 31 OCTOBRE 2019**

**10H 00:** **Création de la Commission chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député.**

**15H 00:** **Election des Représentants de l'Assemblée Nationale auprès de la Haute Cour de Justice (HCJ).**

**LUNDI 04 NOVEMBRE 2019**

**10H 00:** **Réunion des membres du Bureau Permanent- Salle BP**

Nandritra ny famakiana ny tatifitana, nanao satroka Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena, nanamarika fa tsy avy amin'ny antoko IRD ny tenany fa mpikambana amin'ny antoko TIM.

Nisaoran-dRamatoa Filoha tamin'ny famakiany ny famintinana ny fivoriana nataon'ny «Conférence des Présidents», Ramatoa Mpampakateny ary nanontany ny Solombavambahoaka izy raha toa misy fanamarihana na fanitsiana momba ny volavolam-pandaharam-potoana izay novakiana teo.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Tsy nisy nandray fitenenana ihany koa izy ireo tamin'ny adihevitra ankapobeny ary avy hatrany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 15 Oktobra 2019 ka hatramin'ny Alatsinainy 4 Novambra 2019.

Taorian'izay, nanontany ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha, raha toa misy teny tiany ambara mikasika ny fandaharam-potoana vao nolaniana teo.

Namaly ny solotenan'ny Governemanta, fa tsy manan-kolazaina momba ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, alalana handeha hamony ny adidy hafa izay mbola hosahaniny izy.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hatao anio koa ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny «Evaluation des Politiques Publiques» eto anivon'ny Antenimierampirenena; ka aorian'izao fivoriambé izao, afaka manoratra anarana ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly izay Solombavambahoaka hametraka ny filatsahan-kofidiany.

Noho izany, haato adiny iray aloha ny fivoriambé mba ahafahan'ny Solombavambahoaka manao ny fisoratany anarana.

Maro ny Solombavambahoaka no nilaza, fa lava loatra raha adiny iray no hanaovana izany.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hatao tsangan-tànanana ny faharetan'ny fisoratana anarana, ka haato adiny iray ve ny fivoriana sa haato 30 minitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka miisa 55 no nanaiky fa haato 30 minitra ny fivoriana. Tsy nisy Solombavambahoaka nanangan-tànanana kosa ho an'ny adiny iray.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa aato 30 minitra ny fivoriana araka ny fanapahan-kevitra lany teo.

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

Nitohy tamin'ny 12 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena hatrany no nitarika izany.

Nambarany fa hiroso amin'ny fifidianana avy hatrany ny mpivory.

Nomarihany koa fa Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore irery no kandida nirotsaka hofidina amin'ity Vaomiera Maharitra faha-32 mitondra ny anarana hoe: Vaomieran'ny Tomban'ezaka ho an'ny Politikam-panjakana na "Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques" eto anivon'ny Antenimierampirenena ity. Izany hoe kandida tokana no nirotsaka hofidina ho amin'ny toeran'ny Filohan'ny Vaomiera.

Taorian'izay, nambarany fa hatao ny fanolorana ny kandida, ka ferana ho 2 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana amin'izany.

Andriamatoa SATRA Augustin no nandray fitenenana voalohany; nambarany fa ny andininy faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana no arahina amin'izao fanatontosana ny fifidianana izao.

Nambarany ihany koa fa ny Vondrona Parlementera GPR no nanolotra an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore hirotsaka hofidina ho amin'ny toeran'ny Filohan'ny Vaomiera.

Taorian'izay, nolazalazainy fohifohy ny mombamomba azy. Raha fintinina dia toy izao manaraka izao izany:

Efa mpikambana tao amin'ny Governemanta izy taloha, ka tamin'ny taona 2011 dia Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Tamin'ny taona 2014 indray, Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ny Vehivavy ary tamin'ny taona 2018, Minisitry ny Kolotsaina sy ny Vakoka.

Ankoatra izay, maro ireo andraikitra ambony efa notazoniny teto amin'ny firenena, toy ny naha Tale Mpanatanteraka azy tao amin'ny ANR. Manam-pahaizana manokana momba ny serasera tao amin'ny "programme national des privatisations foncières"; tomponandraikitra ambony tao amin'ny PNUD sy ny UNICEF ihany koa. Izany no antony nanolorana azy hofidina ho amin'ny toeran'ny Filoham-baomiera amin'izao fotoana izao.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nanambara fa hatsangana ny Vaomiera hanao ny fanaraha-maso ny fampiharana ny politikam-panjakana eto anivon'ny Antenimierampirenena. Tsara homarihana anefa fa Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore irery ihany no nirotsaka ho Filohan'izany Vaomiera izany.

Mialohan'ny hitaomana antsika Solombavambahoaka amin'ny fandaniana azy, mba hitondra fanazavana kely ny tenanay momba izany fanaovana tomban'ezaka izany.

Nanao velirano tamin'ny vahoaka ny Filohampirenena mikasika ireo ezaka atao hampandrosoana ny firenena. Voasoratra ao anatin'ny PGE daholo izany rehetra izany ary ny Praiminisitra no hanatanteraka azy. Anjarantsika no manao tomban'ezaka, ka izany no antony ananganana ity Vaomiera ity amin'izao fotoana izao. Izy no hijery ny fanatontosana ny zavatra voasoratra ao amin'ny PGE.

Raha ny zavatra hita, maro ny Distrika no tsy mbola mahafantatra izay ho endriky ny fampandrosoana tokony hisy any aminy. Eo anatrehan'izay, nirotsaka ho Filoham-baomiera Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, satria mahatsapa izy fa manana anjara biriky hoentina hampandrosoana an'ireo Distrika lavitra andriana ireo. Amin'ny alalan'ny fanaraha-maso na ny tomban'ezaka ato no hitondrany izany adidiny izany.

Noho izany, manentana antsika Solombavambahoaka rehetra mba hifidy azy ho amin'io toerana io noho ny traikefa ananany araka ny voalaza ny namana teo.

Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or indray, nanamarika fa ilaina ny fanaovana tomban'ezaka eto amin'ny firenena.

Notsindriany fa tomponandraikitra voalohany amin'izany ny Antenimierampirenena raha ny rafitra misy eto amintsika no jerena satria hatramin'ny nahazoantsika fahaleovatena, tsy nisy Filohampirenena nanao fitsidihana tany amin'ireo Distrika lavitra andriana nandritra ny fotoam-piasany na ny "mandat"-ny, fa matetika amin'ny fotoana fanaovana fampielezan-kevitra no amangiany any. Ankehitriny kosa, ny Filohampirenentsika mihitsy no mandeha manatanteraka ny asa sy mametraka fotodrafitsara amin'ireny Distrika ireny. Tsy ho fantatra ny fahavitan'ny asa na tsia raha tsy misy tomban'ezaka avy aty amintsika. Inoanay fa Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore araka ny voalaza teo no manana traikefa amin'izany fanaraha-maso izany.

Eo anatrehan'izany, mitaona antsika Solombavambahoaka namana rehetra mba hifidy azy ho amin'io toerana io.

Taorian'ny fampahafantarana ny kandida, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka.

Nomarihany fa amin'ny alalan'ny latsabato miafina, isafidianana anaran'olon-tokana, fihodinana iray ihany no fomba fididianana hatao satria kandida iray no nirotsaka hofidina araka ny voalaza teo aloha.

Toy izao no fomba arahina amin'izany: izay Solombavambahoaka voaantso ny anarany, mandroso ety anoloana mandray taratasin-datsabato tokana ary asiana marika eo amin'ny faritra mifanila amin'ny anaran'ny kandida hosafidiana ho Filohan'ny "Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques".

Taorian'izay, niroso tamin'ny latsabato ny Solombavambahoaka araka ny toromarika nambaran-dRamatoa Filoha teo ambony.

Nandritra ny fandatsaham-bato sy ny fanisam-bato, niangavy Solombavambahoaka efatra nanao ny fanaraha-maso ny latsabato sy ny fanisam-bato Ramatoa Filoha; ka ireto avy no nanatanteraka izany:

- Ramatoa RAZAFIARIVONY Mrifidy Christine
- Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- Andriamatoa ASSIMO Bruno
- Andriamatoa RAZAFINDRIANTSARA Johnson Anatol

Toy izao no vokatry ny latsabato taorian'ny fanisam-bato:

- Isan'ny tonga nandatsa-bato: 68
- Vato maty: 00

Vato azon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore: 68

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny "Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques", ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vangaindrano.

Rehefa izany, niarahaba ny Filohan'ny Vaomiera voafidy ho amin'io toerana io Ramatoa Filoha ary nirary ihany koa ny hahavitany be amin'ny adidy izay miandry azy.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, araka ny andininy faha-46 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena fa: aorian'ny fifidianana ny Birao Maharitra no manangana ireo Vaomiera Maharitra miisa 32, ahitana mpikambana 15 farafahakeliny ary mpikambana 25 farafahabetsany ny Antenimierampirenena.

Nentaniny ny Solombavambahoaka mba hiditra ho mpikambana amin'ity Vaomiera vao natsangana ity ary hanangana ny biraony avy hatrany.

Nentaniny torak'izany koa ireo Vaomiera mbola tsy nahavita nanangana ny biraony mba hanatontosa izany.

Nisaorany koa ny Solombavambahoaka rehetra tonga nanatanteraka ny adidiny tamin'ny fifidianana natao teo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, mbola nanentana ny Solombavambahoaka rehetra, Ramatoa Filoha, mba hanao fanamaram-pananana eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Hanao rodobe hiara-hanatitra izany ny Solombavambahoaka, hoy izy, amin'ny Alatsinainy 4 Novambra 2019, amin'ny 2 ora sy sasany, tolak'andro.

Nampahatsiahy ny hisian'ny fihaonana amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Haintontolo ary ny Ala miaraka amin'ny Birao Maharitra sy ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Tontolo Iainana sy ny Haintontolo ary ny Ala, izay hatao ny Zoma 18 Oktobra 2019, amin'ny 10 maraina, ao amin'ny "Salle BP", Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Hisy koa, hoy izy, fihaonana amin'ny "Office National de Nutrition" na ny ONN miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana Ara-tsosialy, ny Zoma 18 Oktobra 2019, amin'ny 10 maraina, ihany ao amin'ny "Salle des séances".

Nitaona ny Solombavambahoaka mba hiatrika ireo fihaonana ireo izy taorian'izay.

Niato tamin'ny 1 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

